# ALAHADIN'NY NANAOVANA BATEMY NY TOMPO



## *I JESOA NATAO BATEMY TANDINDON'NY BATEMINTSIKA*

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo ny Epifania nisehoan'ny Tompo izany hoe eto anivontsika tokoa Andriamanitra. Izao Alahady izao no hankalazantsika ny Batemin'ny Tompo. Azo lazaina fa mbola Fisehoany ihany koa ary mitodika bebe kokoa amintsika olombeloa satria ny batemin'I Jesoa dia tandindon'ny batemintsika. Izany no mandrisika antsika hahafantatra sy handalina bebe kokoa ny tena dikan'ireny anarana entintsika ka mahatonga ireo Raiamandreny nanome anaran'ny batemy na dia eo aza ny anaran'ny mahaolombelona. Io fanomezana anarana hafa io no manambara fa tena fahateraham-baovao ho antsika tokoa ny batemy. Io ilay lazain'I Joany : *Fa izay rehetra nandray azy dia nomeny fahazoana ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, ka tsy mba nateraky ny rà, na ny sitra-pon'ny nofo, na ny sitra-pon'ny olona ireo, fa naterak'Andriamanitra.*

Vakiteny I : **Iz. 55, 1-11**
Tononkira : Sal. 40, 1-5. 9-11,
Vakiteny II : **1 Jo 5, 1-9**
Evanjely : **Mk 1, 6b-11**

Tanteraka izany mistery lehibe izany ao amin'I Jesoa Kristy satria Andriamanitra Izy tonga olombelona. Araka ilay Feo avy any an-danitra : "Ianao no Zanako malalako Ianao no ankasitrahako…

Mipetraka ho antsika tokoa àry ny fanontaniana : **Iza moa i Jesoa, mahalala azy ve isika ? Iza i Jesoa eo anivon'ny fiainantsika, Mpiara-belona amintsika? Iza i Jesoa teraka eo anivontsika ? Mpamonjy tokoa ve izy, ary inona ny dikan'izany mpamonjy izany ? Fahazavana manilo antsika ve izy ? Fahendrena ho antsika ve izy ? Manaraka ny sitrany tokoa ve isika ? Entanin'ny Fanahy Masina tokoa ve isika ka mahita an'i Jesoa eo amin'ny fiainantsika ? Izany rehetra izany no**

**halalinintsika amin'izao fiandohan'ny taona izao ka tsy maintsy hanaovantsika safidy mba ho hisy départ vaovao tokoa, ho taona vaovao, ho pantekoty vaovao handresena ny hetraketraka entin'ity Korontanavirus ity.**

Fantaro fa rehefa vita batemy dia tanteraka amintsika koa io teny avy an-danitra io araka ny voalazan'I Md Joany. Raha ny tena marina, ny fiainana maha-kristianina dia tsy inona fa fiainana ireo fahasoavana rehetra efa noraisintsika tamin'ny Batemy : anisan'izany ny fiainana maha-Zanaky ny Ray, ka mahatonga antsika ho EOV, tempolin'ny Fanahy Masina, mpiray tam-po amin'i Jesoa ; fiainana ny maha olom-baovao afa-pahotana; fiainam-pinoana, fitiavana, fanantenana ; fiainana amin'ny maha fianakaviana iray ao amin'ny Eglizy.

Ny fankalazana niany, androany sy ireo vakiteny dia mametraka tsara ny fahasoavana vokatry ny fiombonana amin'Andriamanitra izany hoe vokatry fandraisana ny aim-baovao avy amin'Andriamanitra.

Andeha ho dinihintsika ireo tenin'Andriamanitra.  Atombotsika amin'ny vakiteny voalohany izay hahitantsika an'Izaia Mpaminany mampiseho amin'ny vahoaka izay tao anatin'ny fijaliana, Baba Ray Andriamanitra ka mikolokolo. Oharin'Izaia Mpaminany amin'ny mpivarotra Andriamanitra, saingy Mpivarotra tsy mametraka ny vidin'ny varotra fa mpivarotra tsy araka ny lojikan'izao tontolo izao fa mametraka ny fifandraisana ho voalohany. Io ilay no lazain'ny Papa tamin'ny hafatra ny 1 janvier "culture des soins" izany hoe : tsy maintsy mamboly fikolokoloana ny fifandraisana ka ny "gratuité", ny maimaim-poana no lalana hahafahana mamboly io fifandraisana vaovao io Izany tokoa ny mpivarotra amin'ny vakiteny voalohany. Manome maimaim-poana ny zavatra tena ilaina amin'ny fiainana andavanandro : rano, divay, ronono, mofo…. Miantso ny vahoakany Izy mba hanatona Azy, ka hovokisany soa sy halàny hetaheta amin'ny fahasoavany ara-batana sy ara-panahy ary ara-tsaina… Io no fifandraisana tamin'ny naharian'Andriamanitra antsika. Io no nofinofy lazain'i Papa ao amin'ny Ansikilika Fratelli tutti. Tena Olo Araiky tokoa ka tsy misy intsony ny efitrefitra mirindra sy voakololo ny fifandraisana. Tsy ny vola intsony no mandrafitra ny fifandraisana fa ny « maimaim-poana ». Hoy Izaia milaza izany : . *koa mihainoa Ahy ary mihinàna izay tsara; ary aoka ny fanahinareo hiravoravo amin'izay hanina fy.* Fanomezana maimaim-poana tokoa ireo rehetra omen'Andriamanitra ireo. Fa ny zavatra ambony indrindra omeny ny vahoakany sy antsika zanany ankehitriny dia ny *Fanekena mandrakizay, ianareo vahoakako, Izaho Andriamanitrareo.*. Mibaribary eto fa izay ao amin'Andriamanitra dia olon'ny fanantenana ka na dia maro aza ny sedra sy ny adim-piainana dia tantanan'Andriamanitra ny vahoakany. Izay no mahatonga milaza hoe ho an'izay vita batemy, ho an'izay EOV ny ho avy mira fanantenana mandrakariva fa indrindra raha mametraka sy maboly ny fahaizana mikolokolo fifandraisana..  Tsy fampanantenana kobaka am-bava fa fampanantenana tsy maintsy tanteraka: *Ny teny izay aloaky ny vavako dia tsy miverina Amiko foana, fa mahatanteraka izay tiako, sy mahatontosa izay namoahako azy.* Hamokatra ka hitondra voka-tsoa ao amin'ny fiainantsika tokoa anie ny Tenin'Andriamanitra.

I Md Joany ao amin'ny Vakiteny faharoa kosa dia manasa antsika hatoky sy hino fa i Jesoa no Kristy izany hoe : Mpamonjy, Mpanavotra. Ireo fampanantenana voalazan'Izaia dia tanteraka manontolo ary feno ao amin'i Jesoa. Izay rehetra mino an'i Jesoa araka ny voalazantsika dia *nateraka avy amin'Andriamanitra.* Io no vokatry ny finoana. Ary ny mino ho any vahoakan'Andriamanitra mihaino ny Tenin'Andriamanitra ary mivelona azy. Rehefa tokoa noho io fanomezana lehibe ho zanak'Andriamanitra dia mivelona tahaka an'i Kristy. Izany hoe : mitia tahaka an'i Kristy. Izay no mahatonga antsika milaza fa Olon'ny fitiavana izay mino an'i Kristy ka mandeha amin'ny fitiavan'i Kristy ka tsy ny lojikan'izao tontolo izao no mibaiko azy. Io no mahatonga an'i Md Joany milaza fa izay miombona amin'i Kristy, izany hoe vita batemy dia maintsy mitia ny namana, ny

olon-drehetra tahaka an'i Kristy satria Olo Araiky, zanak'Andriamanitra isika jiaby. Ny fitiavana an'Andriamanitra izay asehontsika amin'ny fitandremana ny didim- pitiavany dia tsy azo sarahina amin'ny fitiava-namana. Azo lazaina fa tena programa maika tsy azo idifiana izany raha vita batemy amin'izao fanombohan'ny taona izao raha tiantsika ho tena vaovao ity taona ity ka handresentsika ireo korontana eo amin'ny fiainantsika fa indrindra ity KORONTANAVIRUS ity. Io no lalana mitondra amin'ny maha EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA TRANOBEN'ANDRIAMANITRA. Matoky isika araka ny voalazan'i an'i Md Joany fa izay mino fa i Jesoa no Zanak'Andriamanitra dia maharesy an'izao tontolo izao, ary hahazo ny fiainana mandrakizay.

Mibaribary ao amin'I Jesoa izany voalazantsika rehetra izany satria raha hanomboka ny mission-ny Izy, ny iraka napetrak'Andriamanitra Ray Aminy dia nambaran' Andriamanitra tamin'ny Bateminy ny identité-ny izay azo lazaina na dia tsy mitovy fa tena manana endrika "investiture" no nisy teo amin'ny ranon'I Jordany ary manomboka koa ny investituren-tsika zanak'Andriamanitra raha mino sy miaiky an'I Jesoa isika amin'ny batemy. Alohan'ny hanazavana an'izany rehetra sady ahafahantsika mahazo azy tsara dia tsy maintsy mazava amintsika ny anjara toeran'I Joany Batista. Eto tokoa no mipetraka izay anarany izay. Tsy Joany Mpanao Batemy fotsiny fa tena miseho miharihary ny toetrany : Mampiseho sy manambara an'I Jesoa mba handraisan'olona an'I Jesoa. Mampibaribary ny maha Iraka azy. Raha te ho EOV MISIONERA TOKOA isika dia tsy maintsy manana fanentren-tena sy faharetana tahaka an'I Joany : *Avy aoriako Ilay mahery noho izaho, ka tsy mendrika hiondrika hamaha ny fehin-kapany akory aho*. Milaza izy fa *Batemy amin'ny rano* na *batemim-pibebahana,* fiomanana amin'ny fandraisana an'i Jesoa ary mariky ny fibebahana sy ny faniriana hanomboka hiaina ny fiainam-baovao no notoriny. Io ilay lazaintsika ary averimberin'i Papa mila « changement radical de comportement » ny fandraisana fiainam-baovao izany ny « départ vaovao ». Maniry taombaovao isika ka aoka handray io hafatr'i Joany ary haka tahaka an'i Joany.

Nanaiky hatao Batemy i Jesoa, kanefa tsy tokony ho Izy àry ve no hanao Batemy, Izy izay tsy nanota, tsy manam-pahotana? I Jesoa tokoa dia miaraka amintsika, miaraka amin'ny mpanota satria te hamonjy azy, niara-niaina, ary lasa naman'izy ireo. Hatramin'ny Batemy tao Jordany no efa nampisehoan'i Jesoa ny maha akaiky Azy antsika olombelona rehetra. Taorian'ny Bateminy dia heno sy hita avy hatrany fa eken'ny Ray izany fomba nentiny sy niainany izany, ka izany no antony nilazany: *Ianao no Zanako malalako, Ianao no ankasitrahiko.* Ny Ray eto dia faly fa manan-janaka tsy menatra ny miaraka amin'ny mpanota. Eto i Jesoa dia te hiteny amintsika tsirairay avy hoe: inty Aho miaraka aminao, eto anilanao lalandava n'inon'inona mitranga eo amin'ny fiainanao; eto akaikinao aho miara-mifaly sy miara-miory aminao, ary tia ny hahasambatra anao. Angovo lehibe ho antsika miatrika an'izao KORONTONAVIRUS izao izany.

Toy ny nataon'ny Ray tamin'i Jesoa dia averiny isanandro isanandro aminao vita Batemy ny hoe: *Ianao no zanako malala, ankasitrahako indrindra.* Tahaka nanirahan'ny Ray an'i Jesoa dia maniraka antsika EOV koa Izy maniraka antsika ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA amin'izao fanombohan'ny taona izao hanaovantsika départ vaovao fa indrindra ny fianakaviana Eglizy kely irahina hahay hikolokolo ny fifandraisana amin'ny zava-boary araka ny annexe amin'ny hafatra pastôraly. Manatanteraka ny hafatr'i Papa tokoa isika amin'izany ary tohizantsika hatrany ny fianakaviana eglizy kely miara-mivavaka sy miaraka mandalina ny finoana.

Ry Jesoa zokinay ô, indreto izahay te-hahalala anao bebe kokoa ka mitalaho ny fahasoavanao, miandrandra ny Fanahinao Masina hanilo anay mba hahafahanay koa hitory Anao fahazavana amin'ireo manodidina anay ka ny fiainanay andavanandro dia famantarana Anao. Ho tahaka an'i

Joany Batista anie izahay, hampiseho Anao amin'ireo manodidina anay toy ny nataony nanoro Anao tamin'ny mpianany. Izahay koa anie hanoro Anao amin'ny alalan'ny fiainanay, ny teninay, ny ataonay rehetra fa ianao tokoa no Mesia mpamonjy. Hikatsaka mandrakariva ny fanjakanao anie izahay ka hampanjaka anao amin'ny fiainanay manontolo. Ry Masina Maria sy Md Josefa mivavahà ho an’ny fianakavianay mba ho fianakaviana “eglizy kely” miara-mikolokolo ny fifandraisanay rehetra na amin’ny zava-boary na amin’ny fiaraha-monina misy anay na amin’ny tontolom-pinoana. Ampio izahay mba ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAY AINA AMINAO ZARY TABERNAKLA VELONA MANORINA EGLIZY TRANOBEN’ANDRIAMANITRA. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson